



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tenen-draviana - Fandrosiana

## **TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA AMBOHITSOROHITRA ZOMA 21 JANOARY 2022**

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA AMBOHITSOROHITRA  
NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY  
FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY  
PRAIMINISITRA ARY IREO MINISITRA VITSIVITSY**

### **I- FAMPITAM-BAOVAO**

Nohon'ny hamehana sy manoloana ny zava-mitranga taorian'izay andro maromaro nifanesy nisian'ny rotsak'orana maro izay, sy ahafahana mandray haingana ireo fepetra isa-karazany hiatrehana izany dia nisy ny Filankevitry ny Minisitra niarahan'ny Filoham-pirenena tamin'ny Praiminisitra sy ireo Minisitra vitsivitsy miasa eo amin'ireo sehatra voakasik'izany ary ny Talen'ny BNGRC.

Arak'izany dia ireto manaraka ireto no nodinihina nandritr'ity Filankevitra ity :

- 1- Tombana ankapobeny mikasika ny zava-misy**
- 2- Fanamafisana ny fitsinjarana ireo entana ilain' ny Mponina toy ny Vary mora sy Simenitra mora mba ahatongavan'izany tsara any amin'ireo toerana natokana hovatsiana izany**
- 3- Fandraisana fepetra mikasika ny fambolem-bary sy ireo tanimbary dibo-drano**

Nisy arak'izany ny fandinihana manokana izay ahafahana manatsara ny fandaminana sy ny fandrindrana ny fiatehana ny loza voajanahary. Isan'izany ny tokony hisian'ny fandraisan'andraikitra haingana ataon'ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Ministera sy ireo rafitra rehetra voakasik'izany

### **1- TOMBANA ANKAPOBENY na « Bilan général »**

**Nisy ny tatitra nataon'ny Tale Jeneralin'ny BNGRC mikasika ireo traboina sy fahasimbana trano fonenana.** Raha ho an' Antananarivo manokana dia mitotaly 11 ny isan'ny olona maty tolotry ny trano sy ny fihotsahan'ny tany na « glissement de terrain et éboulement » ka isan'izany ilay ankizy iray tao Mahamasina.

Hatramin'ny alakamisy tamin'ny 10 ora alina dia mitotaly 23428 ny isan'ireo traboina ka avy amina tokantrano miisa 4827 izy ireo. Miisa 9091 kosa ireo olona nafindra toerana, avy amin'ny tokantrano miisa 1906 ka napetraka any amin'ireo trano fandraisana na « sites d'accueil » izay miisa 20, napetraka niaraka tamin'ny Ministeran'ny mponina. Ary mitotaly 3518 ireo trano tafiditry ny rano ka 11 no trano simba tanteraka.

Raha ho an'i Fianarantsoa dia nahitana faharavana sy fahasimbana trano maromaro ihany koa ary fahafatesana olona 3. Nodinihina ihany koa ny mikasika ny ahafahana manampy ity Faritra ity sy ny faritan'i Toamasina manolona ny takaitra navelan'iny andro ratsy.



**Mikasika ny fomba natao hanenana ny rano teto Antananarivo** dia nisy toerana na faritra telo tsy maintsy nanaovana « curage » na fanadiovana ireo lakandrano, nahafahana nanala ireo fako nanentsina azy mba hampandehana indray ny fikorinan'ny rano izay nitobaka. Isan'izany ny teny Tsaramasay (Canal Andriantany), teny Ankasina (dalot chemin de fer) eny amin'ny « canal C3 » ary ny teny Andohatapenaka 2.

Telo ora taty aorian'ny toromarika nomen'ny Filoham-pirenena dia efa nadio tanteraka ireo toerana telo ireo nohon'ny fifanomezan-tanana teo amin'ireo miaramila avy ao amin'ny tafika malagasy, ny polisim-pirenena, ny BNGRC, ary ny APIPA. Efa mikoriana sy mandeha tsara ny rano ankehitriny any amin'ireo toerana ireo.

Nisy ihany koa ny asa fitrohana rano tany amin'ireo faritra tondradrano nataon'ny Apipa teny Ambohipo Atsimo sy tao Ambatonjara ao amin'ny kaominina Alasora, izay nampiasana « moto pompe » miisa roa.

Teo ihany koa ny fitrohana rano nataon'ny « Sapeurs-pompiers sy CPC » teny Andohatapenaka teo anelanelan'ny Etoile rouge sy Antetezana Afovoany, ary teny Antsalovana akaikin'ny fiantsonana taxibe mankany Mahitsy

### **Mikasika ny fitantanana ny raharaha**

Ankehitriny dia efa miomana ihany koa ny BNGRC amin'ny fanentanana sy fampiomana ny mponina any amin'i Analanjirofo sy ny any Vatovavy sy Fitovinany amin'ny fiatrehana ny andro ratsy. Izany dia mifotra amin'ny fametraha ireo olona ilaina rehetra hanatanteraka ny asa sy ireo fitaovana rehetra mety ilaina amin'izany

### **TOROMARIKA avy any amin'ny FILOHAM-PIRENENA**

Nanome toromarika ny Filoham-pirenena ny tokony hisian'ny **fandrindrana asa (coordination) sy fahaizana miomana sy mijery sahadry ireo karazana asa tokony hatao mialohan'ny hitrangan'ny tranga toy izao (anticipation).**

Nohamafisiny ny tokony hanomanan'ireo tompon'andraikitra hatrany ireo antontan'isa sy antontam-baovao mikasika ireo fitaovana rehetra misy sy tokony ho vonona hampiasaina rehefa misy ny tranga toy izao mba tsy hisian'ny fitavoavozana.

### **Hamafisina ny fanaovana karinem-pokontany**

Mba ahafahana manampy ireo mponina tra-pahasahiranana, indrindra ireo traboina dia nanome toromarika ny Filoham-pirenena mikasika ny hanafainganana ny fanomezana adiresy ireo mponina eny anivon'ny Fokontany. Ireo olompirenena monina sy mipetraka amin'ny toerana iray dia manana andraikitra misoratra anarana eny anivon'ny Fokontany misy azy mba hananany fisiana ara-dalàna na « existence légale » eo anivon'ny Fiarahamonina. Izany dia sady fampianarana ny olom-pirenena rehetra hiditra ao anatin'ny ara-dalàna no sady natao ihany koa hanamorana ny fampisitrahana ireo fanampiana ho an'izay tokony ahazo izany.

Tsy ho an'ny eto an-drenivohitra ihany fa hafainganina ihany koa ny fanomezana ny karam-pokontany ho an'ireo « chefs-lieux de provinces » miisa enina sy Antsirabe.



### **Mikasika ny fampianarana**

Efa volana vitsivitsy no nandray ny fepetra ahafahana miantoka ny fitohizan'ny fampianarana na ny « continuité pédagogique » ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Efa mitotaly 10 andro izao ny andro tsy nianarana tamin'ity taom-pianarana ity, satria 8 andro nohon'ny fisian'ny Covid-19 ary 2 andro vokatry ny fisian'ny rotsak'orana. Efa nisy ny « protocole pédagogique » nametrahana ora fianarana mifandimby (groupes de classe alternée) ahafahan'ny mpianatra manohy ny fandaharanasa na programme mba tsy ahatapahan'ny fianarana.

Efa miara-miasa ny Minisitera miaraka tamin'ny BNGRC sy ny APIPA ahafahana mitroka ireo ranobe eny anivon'ireo EPP vitsivitsy dibo-drano.

Hiroso amin'ny fitifirana rano sy fanafody ihany koa ny Minisitera hahafahan'ny ankizy miverina mianatra ao anaty tontolon-tsekoly lavitry ny aretina amin'ny herinandro. Ary hisy ny fizarana « kits scolaires » ataon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ho an'ireo mpianatra traboina mipetraka any amin'ireo toerana fandraisana traboina amin'izao fotoana izao.

### **Fanentanana ny rehetra handray andraikitra amin'ny fanadiovana**

Tokony mifanome tanana sy mirotsaka an-tsehatra amin'ny fanadiovana ny rehetra, rehefa misy tranga toy izao. Entanina ihany koa hikojakoja ireo fotodrafitrasa toy ny tatatra sy lakandrano izay fananana iombonana mba tsy ahatsentsina izany

### **Fanadiovana ny Tanànan'Antananarivo**

Hamafisina ny fanentanana ny rehetra ho tompon'andraikitra amin'ny fanariana fako. Ankoatry ny fandraisana andraikitra ny fanjakana dia entanina hirotsaka an-tsehatra amin'ny fanadiovana ny tandrify sy ny manodidina azy ny olom-pirenena fa indrindra ireo fikambanana isan-tsokajiny amin'ny alalan'ny « Tagnamaro ».

Hamafisina ihany koa ny fanampiana ny Fiadidiana ny Tanànan'Antananarivo ahafahana mandroaka ireo fako faran'izay haingana. Hisy ny fanentanana manokana hamporisihana ny mponina hifaninana amin'ny fanadiovana tanàna sy ny tontolo manodidina.

### **Hamafisina ny toromarika nomen'ny Filoham-pirenena izay efa noraisina tamin'ny 2019 mikasika ny fiatoan'ny fanotofana tany eto Antananarivo renivohitra**

Maro ireo tsy fanarahan-dalàna eo amin'ity sehatry ny fanotofana tany ity. Isan'ny tena antony lehibe nahatonga izao fiakaran'ny rano ny fanotofana tany tsy ara-dalàna na « remblais sauvages ». Tsihivina anefa fa nohon'ny tsy fahampian'ireo « zones tampon » eto Antananarivo dia efa nanome torimarika ny Filan-kevitra ny Minisitry tamin'ny taona 2019 fa naato ny fanomezana fahazoan-dalana mikasika fanaovana fanotofana tany na « remblayage » eto Antananarivo.

Betsaka ankehitriny ireo « zones tampon » eto Antananarivo izay tsy tokony hototofana kanefa dia tena ahitana fanorenana trano. Maro ihany koa ireo toerana tsy tokony hanorenana na « zones inconstructibles » nefa ahitana trano maro miorina. Arak'izany dia hamafisina ny fanarahamaso sy ny fanaovana « audit » ary fijerena ireny fanotofana tany ireny raha tena nanaja ny drafitra fanajariana ny Tanàna izany na eto amin'ny Kaominana Antananarivo



Renivohitra na ireo kaominina manodidina. Ny « APIPA » no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanomezana ny alalana amin'ny fanotofana tany.

Mila hajaina arak'izany ireo toromarika mikasika ny tsy tokony hisian'ny fanotofana tany intsony arak'io toromarika mazava efa nomen'ny Filohampirenena roa taona lasa izao mikasika ny tsy tokony hisian'izany intsony.

## **2. FANAMAFISANA NY FITSINJARANA ireo entana ilain'ny mponina toy ny vary mora sy simenitra mora**

Noraisina ireo fepetra mikasika ny fanaraha-maso hatao mba hahatonga tsara ireny entana ireny eny amin'ny toerana rehetra tokony hitsinjarana azy. Manoloana ny hamehana nohon'ny rotsak'orana sy ny tondra-drano amin'izao fotoam-pahavaratra izao dia maro ireo fepetra noraisina notarihin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fampiroboroboana ny Industria. Nanamafy ity Minisitera ity fa ampy ny tahiry amin'ny Vary sy ireo entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro.

Tsy atahorana ny fiakaram-bidy tafahoatra mandritra izao fahavaratra izao satria mitohy tsy tapaka ny famatsiana Vary TSINJO. Nampitomboina ihany koa ny fidinana ifotony nataon'ny fitaleavam-paritra(DRICC) izay nanara-maso haingana ny vidim-bary sy ny entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro, mba tsy hisian'ny fanararaotana hampakatra ny vidiny. Tsy nahenoana fanafenana tahiry hatreto.

Ny 18 sy 19 janoary lasa teo, ho an'Analamanga manokana, dia nojerena maika ny vidin'entana miainga eny amin'ny mpamongady na « grossistes » eny Anosibe sy Andravoahangy. Mari-toerana hatrany ny vidin'entana, tsy nisy fiakarana tafahoatra ny vidim-bary avy eto an-toerana. Ampy ihany koa ny tahiry na « stocks ». Ary manomboka amin'ny 2100 ariary hatramin'ny 2400 ariary ny 1kg. Naparitaka ny laharan-tariby 034 30 812 34 ho an'ireo manana fitarainana.

### **VARY TSINJO**

Araka ny toromarika avy amin'ny Filoham-pirenena dia arahana akaiky isan'andro ny fanaparitahana ny Vary TSINJO manerana ny Nosy. Mitohy ny fitsinjarana ny Vary TSINJO amin'ny vidiny 500 ariary ny 1 kapoaka. 600 ariary kosa any ivelan'Antananarivo noho ny fisian'ny saran-dalana.

Tato anatin'ny 24 ora dia ireto ireto toerana manaraka ireto no novatsiana Vary Tsinjo :

- Ihosy (35T), Beloha (164T), Antanimora (28T), Ambovombe (62T), Tsihombe (102T), Ampanihy (41T), Fianarantsoa (68T)

Ireto kosa ireo toerana anisan'ny ahitana Vary TSINJO eto an-drenivohitra hatramin'ny Talata 18 Janoary 2022 lasa teo :

- Ampasika, 67 ha, Andohatapenaka, Antohamadinika, Avaradoha, Betongolo, Besarety, Antanimena, Ankadifotsy, Ankazomanga, Anosipatrana, Ankaditoho, Ankadimbahoaka, Anosizato, Soanierana, Anosibe, Andranonahoatra, Bemasoandro, Itaosy cité, Tsarasaotra, Ankorondrano, Soavimasoandro, Androhibe, Analamahitsy, Fenoarivo, Mandrosoa Ivato...

Asa fatao andavan'andro avokoa ireo fa nohamafisina ny fanaraha-maso amin'izao fotoam-pahavaratra izao.



## **SIMENITRA MORA.**

Ankoatr'izay dia efa tonga ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina ireo simenitra mora milanja 12 000 taonina saingy mbola andrasana ny fotoana mety hamoahana azy, nohon'ny faharatsian'ny toetrandro. Hisy fepetra horaisina ihany koa mikasika ny fanaraha-maso ny fitsinjarana sy ny vidin'izany simenitra izany.

### **3. FEPETRA NORAISINA mikasika ny FAMBOLENA sy ireo TANIMBARY DIBO-DRANO**

Hisy ny vahaolana maika horaisin'ny Fanjakana manoloana ny tondra-drano, mifandraika amin'ny fitrohana rano eny amin'ireo Tanimbary maromaro eto Antananarivo izay dibo-drano. Tsy ny olombelona sy ny trano fonenana ihany tokoa fa hatramin'ireo fambolem-bary ihany koa mantsy dia tena nahitana fahavoazana be vokatry ny rotsak'orana nandritry ny andro maromaro. Isan'izany ireo tanimbary akaikin'ny C3 sy Imamba izay hojerena ny hanasiana « pompage » na fitrohan-drano haingana eny an-toerana.

Haraha-maso ireo fefiloaha na « digues » ary hojerena ny hanamafisana maika azy ireo ahafahana misakana ny fahavakisan'ny fefiloaha.

Nodinihana izay hanavotana ireo tanimbary manodidina ny 300 Ha mbola azo vonjena eny Sabotsy Namehana amin'izao fotoana izao amin'ny alalan'ny fitrohana rano matanjaka na « drainage de pointe ». Hojerena ihany koa izay hanavotana ny tanimbary eny Antehiroka izay manodidina ny 50Ha.

#### **Mikasika ny ezaka famerenena ny asa famatsiana herinaratra ataon'Andekaleka**

Tanteraka ny asa nanalana ny rano be tao amin'ny toerana iray misy ireo fitaovana mampandeha ny famatsiana herinaratra ao Andekaleka. Niasa mafy nanampy ny Minisiteran'ny angovo nandritry ny telo andro ny « Corps de protection Civile » na CPC ary dia afaka tanteraka izany ankehitriny.

Afaka niditra tamin'ny fanaovana andrana ireo mekanika rehetra nikatso ny Jirama ary mandeha soa aman-tsara ireo fitaovana ireo ankehitriny. Hiroso ihany koa amin'ny fanaovana ny andrana na « essai électrique » ny JIRAMA ho fampandehanana ny « groupes n°2 ». Raha mahomby io andrana io dia hiverina hiodina ny « groupe n°2 » ao Andekaleka ka hihatsara ny famatsiana jiro eto Andrenivohitra. Rehefa vita izay dingana izay dia hirosoana ihany koa ny famerenana ny « groupe n°3 », ary ny fametrahana ny « groupe vaovao n°4 ». Araka ny voalazan'ny teknisianina dia tsy maintsy atao mian-dalana tahaka izao ny famerenana ny fanarenana an'ireo groupes sy fametrahana ilay groupe vaovao.

Hisy ihany koa ny andrana na « essai électrique » atao mba aha- « opérationnel » tanteraka ny toby famatsiana herinaratra ao Farahantsana

## **II- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY**

### **MINISITERAN'NY FITSARANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafiana ny didim-panjakana laharana faha 2016-1462 tamin'ny 29 novambra 2016 ary manendry an'Andriamatoa **RABETAFIKA Harison Tsilavina**, ho « Directeur de l'Inspection des Juridictions »



- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Andriamatoa **JAOLAZA Michael Bezara**, ho « Directeur de l'Éthique et de la Déontologie » eo anivon'ny « Conseil Supérieur de la Magistrature »
- Noraisina ny didi-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana faha 38619/2009 tamin'ny 09 Oktobra 2009 ary manendry an-Dramatoa **DJAOJOMA Colette Julie**, ho « Procureur Général près la Cour d'Appel d'Antsiranana ».

#### **MINISITERAN'NY ATI-TANY sy ny FITSINJARAM-PAHEFANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-905 tamin'ny 12 Aogositra 2020 ary manendry an'Andriamatoa **RANDRIATSARA Harinoro Edson**, ho « Chef de District Mampikony ».
- Noraisina ny didi-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-383 tamin'ny 20 Martsa 2019 ary manendry an'Andriamatoa **RAMANAMAHAFAHAY Malaza**, ho « Préfet de Police » any Nosy Be.
- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1033 tamin'ny 08 Aogositra 2020 ary manendry an'Andriamatoa **BELAHY Théophile**, ho « Chef de District » an'i Vohipeno.
- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-146 tamin'ny 10 febroary 2021 ary manendry an'Andriamatoa **RAMASY Solondady Pierrot**, ho « Chef de District » an'i Bealanana.

#### **MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY FANANAN-TANY**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an-dRamatoa **RATELOSON Tahina Harisoa**, ho « Directeur de la Planification et du Soutien au Territoire ».

#### **MINISITERAN'NY FIZAHANTANY**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Andriamatoa **MAHATONDRA Elysée Ralema**, ho « Directeur Régional du Tourisme » ao amin'ny Faritra Diana

#### **MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana 2021-1229 tamin'ny 10 Novambra 2021, ary manendry an-dRamatoa **YASMINE Lethicia Lydia**, ho « Secrétaire Général » an'ny Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka.
- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana 2015-0393 tamin'ny 11 Martsa 2015, ary manendry an-dRamatoa **RAVAOARIMANANA Maximine**, ho « Directeur de la Pharmacie, des Laboratoires et de la Médecine Traditionnelle ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana 2021-671 tamin'ny 23 jona 2021, ary manendry an'Andriamatoa **RANDRIANIRINA Luc Herman**, ho « Directeur Régional » any amin'ny Faritra Itasy

#### **MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafaoana ny didim-panjakana laharana 2019-769 tamin'ny 17 aprily 2019, ary manendry an-dRamatoa **RAFALIMANANA Fanja Oliva**, ho « Directeur du Génie Rural » (DGR).

- Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana 2019-775 tamin'ny 17 aprily 2019, ary manendry **an'Andriamatoa RANAIVOSON Bleriot**, ho « Directeur Régional de l'Agriculture et de l'Elevage » (DRAE) any Sava.

#### **MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry **an'Andriamatoa RAJAONARISOA Andry Mahefa**, ho « Directeur Régional de la Pêche et de l'Economie Bleue » an'ny Faritra Analamanga

#### **SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Colonel RANDRIAMBOLO LONERA Alain Mamy**, ho « Inspecteur » eo anivon'ny « Inspection Générale de la Gendarmerie nationale ».

### **III- FANAFOANANA**

#### **MINISITERAN'NY ATI-TANY sy ny FITSINJARAM-PAHEFANA**

Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2022-043 tamin'ny 12 janoary 2022 izay nanendry ny « Chef de District d'Ankazobe ».

**Natao androany faha 21 janoary 2022**  
**Ny Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana eto anivon'ny**  
**Fiadidiana ny Repoblika**